

**"REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA"**  
*"Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana"*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

-----

**LOI n° 99-031**

**relative à l'Aviation Civile de la République  
de Madagascar**

**EXPOSE DES MOTIFS**

La libéralisation du transport aérien figure parmi les mesures prises par l'État dans le but de développer davantage le flux des échanges aussi bien à l'intérieur qu'à l'extérieur du pays. Elle doit par ailleurs favoriser l'émergence de nouvelles compagnies aériennes.

L'Ordonnance n° 92-024 du 08 juillet 1992 avait institué le Code Malgache de l'Aviation Civile, mettant ainsi en place l'instrument juridique devant régir désormais le secteur de l'Aviation Civile.

En outre, en 1997 fut promulguée la Loi n° 96-033 sur la libéralisation du transport aérien. Aucun texte n'a été pris pour en fixer les modalités d'application.

C'est ainsi que plusieurs décrets ont été pris en 1999 pour compléter le nouveau cadre institutionnel de l'aviation civile :

- le Décret n° 98-822 du 16 avril 1998, portant réglementation des services d'assistance en escale à Madagascar ;
- le Décret n° 99-123 du 17 février 1999, fixant les modalités d'exploitation des services de transport aérien internationaux ;
- le Décret n°99-124 du 17 février 1999, portant organisation de l'Administration de l'Aviation Civile à Madagascar et fixant les attributions des structures qui la composent ;
- le Décret n° 99-125 du 17 février 1999, fixant les modalités de financement de l'Aviation Civile de Madagascar ;
- le Décret n° 99-126 du 17 février 1999, relatif à l'exploitation des dessertes de service public ; et
- l'Arrêté n° 4095/99 du 23 avril 1999 fixant les conditions requises pour exploiter des services internationaux de transport aérien à forfait.

Ces textes réglementaires concernent essentiellement l'aspect économique du

nouveau cadre libéralisé, et n'affectent pas l'aspect technique du secteur du transport aérien, tel que prévu par l'Ordonnance n° 92-024 du 08 juillet 1992 portant institution du Code Malgache de l'Aviation Civile.

Par conséquent, il est jugé indispensable de doter l'État d'un cadre juridique cohérent reflétant les principes de base de la libéralisation de l'Aviation Civile et qui est conforme au nouvel environnement économique du pays.

Ainsi, la présente loi :

- détermine les nouveaux principes fondamentaux de l'organisation du secteur ;
- fixe les rôles de l'État et ceux du secteur privé ;
- établit une nouvelle charte des responsabilités dans le secteur de l'Aviation Civile ;
- précise le principe fondamental de séparation des fonctions au niveau de l'administration de l'Aviation Civile, à savoir la fonction «réglementation», la fonction « arbitrage des conflits » et la fonction « investigation » sur les faiblesses du système entraînant des incidents ou des accidents. En effet, l'accroissement du rôle joué par le secteur privé nécessite que le législateur ne puisse être à la fois juge et partie.
- reprend toutes les dispositions législatives jugées essentielles du Code Malgache de l'Aviation Civile qui détermine les principes fondamentaux de l'organisation et du fonctionnement du secteur.

Il reste entendu que, pour ne pas créer un vide juridique, l'Ordonnance n° 92-024 du 08 juillet 1992 portant institution du Code Malgache de l'Aviation Civile reste en vigueur dans ses dispositions non contraires à la présente loi.

Sommaire de la présente loi :

- au Titre premier : Dispositions Générales ;
- au Titre II : Administration de l'Aviation Civile : définit le cadre institutionnel responsable de la mise en oeuvre de la politique de l'État en la matière ;
- au Titre III : Réglementation technique du transport aérien: établit les fondements du droit et les règles techniques de base relatives aux aéronefs, aux aéroports et au personnel technique ;
- au Titre IV : Réglementation de la sûreté aérienne : énonce les mesures de sûreté auxquelles doivent se soumettre un aéronef immatriculé à l'étranger se posant sur un aéroport de Madagascar ainsi que les mesures associées à la recherche à l'assistance et au sauvetage des aéronefs en détresse ou accidentés ;
- au Titre V : Réglementation économique du transport aérien : décrit les principes fondamentaux du nouveau régime libéralisé de l'activité économique que constitue le transport aérien ;
- au Titre VI : Réglementation économique de l'infrastructure aéronautique :

énonce les nouvelles règles de base relatives à l'exploitation d'infrastructures ainsi qu'à la prestation de services à l'aviation ;

- au Titre VII : Assurances et responsabilités pour dommages au tiers : établit les dispositions juridiques afférentes aux obligations des exploitants en matière de responsabilité civile ainsi qu'en matière de souscription d'assurances des aéronefs, des infrastructures et associées à la prestation de services à l'aviation ;
- au Titre VIII : Surveillance et contrôle de l'application de la loi : attribue les responsabilités de surveillance et de contrôle à l'Administration de l'Aviation Civile, introduit les notions de sanctions administratives en cas d'infractions, ainsi que le droit de recours des tiers.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**"REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA"**  
*"Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana"*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

-----

**LOI n° 99-031**  
**relative à l'Aviation Civile de la République**  
**de Madagascar**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 14 décembre 1999 la Loi dont la teneur suit :

**TITRE PREMIER**  
**DISPOSITIONS GENERALES**

**Article premier. OBJET DE LA LOI**

La présente Loi a pour objet d'établir le cadre juridique et organisationnel qui régit l'activité aéronautique civile en République de Madagascar.

**Article 2. APPLICATION DE LA LOI**

La loi s'applique à toute personne physique ou morale qui poursuit des activités d'aviation civile sur le Territoire de la République de Madagascar.

Elle s'applique également à :

- a) tout aéronef immatriculé à Madagascar ;
- b) tout aéronef qui se trouve sur le territoire de la République de Madagascar ;
- c) tout aéronef loué sans équipage à un locataire qui a sa résidence permanente ou sa principale activité à Madagascar pendant la durée de la location.

**Article 3. SOUVERAINETE DE L'ESPACE AERIEN**

La République de Madagascar exerce la pleine et exclusive souveraineté sur l'espace aérien correspondant à son territoire et à ses eaux territoriales. L'utilisation, la jouissance et l'exploitation de l'espace aérien à des fins aéronautiques de caractère civil s'effectueront conformément à la législation en vigueur.

**TITRE II**

## **L'ADMINISTRATION DE L'AVIATION CIVILE**

### **Article 4. ROLE DE L'ADMINISTRATION**

L'Administration de l'aviation civile est l'organisme chargé de mettre en oeuvre la politique de l'État en :

- a) veillant au maintien des normes de sécurité et de sûreté ;
- b) promouvant la concurrence entre les exploitants et fournisseurs de services ;
- c) veillant aux intérêts des usagers et à la protection de l'environnement ;
- d) s'assurant du respect des obligations internationales contractées par l'État.

### **Article 5. ORGANISATION**

L'Administration de l'aviation civile comporte des structures indépendantes assurant respectivement la fonction « réglementation », la fonction « arbitrage des conflits » et la fonction « investigation ».

### **Article 6. FINANCEMENT DE L'ADMINISTRATION DE L'AVIATION CIVILE**

L'Administration de l'aviation civile est un organisme jouissant d'une autonomie financière.

## **TITRE III**

### **REGLEMENTATION TECHNIQUE DU TRANSPORT AERIEN**

#### **CHAPITRE PREMIER DISPOSITIONS GENERALES**

### **Article 7. REGISTRE AERONAUTIQUE NATIONAL**

Un Registre Aéronautique National est ouvert et tenu à jour sous la responsabilité de l'Administration de l'aviation civile. Les modalités d'inscription et de radiation sont fixées par voie réglementaire.

### **Article 8. DOCUMENTS D'AVIATION ETRANGERS**

Les documents d'aviation délivrés à l'étranger sont reconnus valables dans les conditions définies et publiées par l'Administration de l'aviation civile.

## **Article 9. PROTECTION DE L'ENVIRONNEMENT**

Toutes les activités aéronautiques qui s'effectuent sur le territoire national devront satisfaire aux conditions requises concernant l'environnement prévues par la réglementation en vigueur.

## **CHAPITRE II AERONEFS**

### **Article 10. NATIONALITE ET IMMATRICULATION**

Les aéronefs ayant un aéroport d'attache à Madagascar et appartenant à des personnes physiques ou morales de nationalité malgache doivent être immatriculés à Madagascar.

Les aéronefs ayant un aéroport d'attache à Madagascar et appartenant à des personnes physiques ou morales de nationalité étrangère peuvent être immatriculés à Madagascar avec l'autorisation de l'Administration de l'Aviation Civile.

Un aéronef ne peut pas être immatriculé simultanément à Madagascar et dans un autre Etat.

L'aéronef immatriculé à Madagascar possède la nationalité malgache. Il doit porter de façon apparente la marque d'immatriculation qui lui est propre.

### **Article 11. CERTIFICAT DE NAVIGABILITE**

Aucun aéronef n'est autorisé à circuler que s'il obtient au préalable un certificat de navigabilité. Le certificat est délivré par l'Administration de l'Aviation Civile si l'aéronef est reconnu apte après inspection.

### **Article 12. DOCUMENTS A BORD**

Tout aéronef en circulation doit avoir à bord tous les documents requis et en cours de validité.

## **CHAPITRE III AERODROMES**

### **Article 13. CLASSIFICATION**

Les aérodromes font l'objet d'une classification établie en tenant compte de la nature et de l'importance du trafic qu'ils traitent et de leurs caractéristiques techniques découlant des normes internationales en vigueur.

### **Article 14. UTILISATION DES AERODROMES**

L'utilisation d'un aérodrome peut être soumise à certaines restrictions ou temporairement interdite si les conditions de la circulation aérienne sur l'aérodrome ou dans l'espace aérien environnant, ou des raisons d'ordre public, le justifient. Les navigateurs aériens sont avisés de ces décisions par tout moyen jugé adéquat.

## **CHAPITRE IV PERSONNEL TECHNIQUE**

### **Article 15. BREVETS - CERTIFICATS - LICENCES ET QUALIFICATIONS**

Les conditions de délivrance des brevets, certificats, licences et qualifications du personnel navigant technique et du personnel technique au sol sont déterminées par voie réglementaire.

### **Article 16. REGISTRE DU PERSONNEL**

Chaque membre du personnel navigant technique doit être inscrit au préalable sur le Registre Aéronautique National. Cette inscription ne peut être obtenue que par le titulaire des brevets, certificats, licences et qualifications en cours de validité.

## **TITRE IV REGLEMENTATION DE LA SURETE ET DE LA SECURITE AERIENNE**

### **Article 17. AERONEF ETRANGER**

Il est interdit à un aéronef immatriculé à l'étranger de se poser sur un aérodrome situé sur le territoire de la République de Madagascar, si l'aéronef ainsi que les personnes et les biens se trouvant à bord n'ont pas été soumis à des mesures de sûreté équivalentes à celles en vigueur à Madagascar.

## **Article 18. COORDINATION EN MATIERE DE RECHERCHE - ASSISTANCE ET SAUVETAGE**

Les mesures de recherche, assistance et sauvetage des aéronefs en détresse ou accidentés, des membres de leur équipage et de leurs passagers sont décidées par l'Administration de l'Aviation Civile qui coordonnera ses activités avec celles des autres organisations concernées.

### **TITRE V**

## **REGLEMENTATION ECONOMIQUE DU TRANSPORT AERIEN**

### **Article 19. LIBERTE DE CONCURRENCE**

Toute personne physique ou morale peut participer à la prestation de service de transport aérien, de service aéroportuaire ou activités connexes, à condition de se conformer à la présente loi. Les services sont offerts aux usagers potentiels sans aucune discrimination. Les conditions contractuelles, de même que la détermination des droits et tarifs pour les services sont librement convenues par les parties et ne sont pas soumises à l'approbation de l'Administration de l'Aviation Civile, sauf dans les cas de services ayant des caractéristiques monopolistiques.

### **Article 20. SERVICES DE TRANSPORT AERIEN**

Les personnes physiques ou morales ne peuvent exercer une activité de transport aérien public qu'après avoir obtenu un permis de compagnie civile de transport aérien public, accompagné ou non d'une autorisation d'exploitation de l'Administration de l'Aviation Civile.

Le permis de compagnie civile de transport aérien public délivré à un exploitant est incessible. Les services ne peuvent non plus être sous-traités par lui, en tout ou en partie, sans l'accord exprès de l'Administration de l'Aviation Civile.

### **Article 21. OBLIGATIONS DE SERVICE PUBLIC**

Lorsque les mécanismes du marché ne permettent pas de maintenir en fonctionnement les dessertes de certaines localités, l'État peut imposer des obligations de service public. Les modalités relatives à l'exploitation des dessertes dites de service public sont fixées par voie réglementaire.

### **TITRE VI**

## **REGLEMENTATION ECONOMIQUE DE**



# L'INFRASTRUCTURE AERONAUTIQUE

## CHAPITRE PREMIER AERODROMES

### **Article 22. EXPLOITATION**

Toute personne physique ou morale peut exploiter un aérodrôme à condition de respecter les réglementations en vigueur, notamment celles qui ont trait à la sûreté et à la sécurité et à la protection de l'environnement.

### **Article 23. SERVICES**

Chaque transporteur aérien est libre d'assurer ses propres services ou de faire appel aux prestataires de services et de choisir ses horaires sous réserve de l'accord du gestionnaire de l'aéroport.

## CHAPITRE II SERVICES DE NAVIGATION AERIENNE

### **Article 24. REGLEMENTATION DE L'ESPACE AERIEN**

La circulation aérienne relève de la compétence de l'Administration de l'Aviation Civile qui définit les règles de l'air s'imposant dans l'espace aérien malgache.

La structure, la classification et les règles concernant l'utilisation de l'espace aérien malgache, la délimitation des zones et régions de contrôle, des zones à usage restreint et des zones interdites sont fixées par voie réglementaire.

## **CHAPITRE III**

### **ATELIERS D'ENTRETIEN D'AERONEFS**

#### **Article 25. FONCTIONNEMENT**

L'établissement ou l'entreprise ayant comme activité, à titre commercial ou non, l'entretien des aéronefs ou des éléments d'aéronef doit être agréé par l'Administration de l'Aviation Civile et se soumettre aux vérifications et à la surveillance de celle-ci.

Le domaine d'activité et la nature des interventions pour lesquels un atelier est agréé sont fixés, lors de l'agrément, en fonction de la qualification de son personnel et des moyens matériels dont dispose l'entreprise. L'atelier d'entretien agréé est alors autorisé à effectuer des opérations d'entretien et des modifications dans les limites de son domaine d'activité.

## **TITRE VII**

### **ASSURANCES ET RESPONSABILITES POUR DOMMAGES AUX TIERS**

#### **Article 26. ASSURANCE DES AERONEFS**

Tout aéronef exploité à Madagascar doit se soumettre aux dispositions de la réglementation en vigueur. De même il doit posséder une assurance couvrant jusqu'aux limites de responsabilité établies dans les accords, conventions et traités ratifiés par la République de Madagascar pour les dommages aux personnes et biens transportés, ou à des tiers et à leurs biens à la surface. La police d'assurance doit également couvrir les membres d'équipage de l'aéronef et/ou de l'entreprise.

#### **Article 27. ASSURANCE DE L'INFRASTRUCTURE AEROPORTUAIRE**

Les personnes titulaires des droits de développement, de gestion ou d'exploitation d'infrastructures aéroportuaires ont l'obligation de souscrire des assurances correspondantes qui couvrent la valeur de remplacement de ces infrastructures, ainsi que des assurances couvrant les dommages à des tiers.

#### **Article 28. AUTRES ASSURANCES**

Toute personne physique ou morale qui fournit quelque service que ce soit dans les aérodromes, est responsable des dommages qu'elle occasionne et qui lui sont imputés, et pour ce, elle doit être possession d'une assurance qui couvre les indemnités correspondantes.

**TITRE VIII****SURVEILLANCE ET CONTROLE DE  
L'APPLICATION DE LA LOI****Article 29. OBLIGATIONS**

Toute personne physique ou morale qui détient un document d'aviation émis par l'administration de l'Aviation Civile et/ou réalise des activités aéronautiques est soumise à la réglementation en vigueur ainsi qu'aux conditions de délivrance dudit document. Elle doit en outre se soumettre aux inspections et aux contrôles de l'Administration de l'Aviation Civile et est passible des sanctions prévues en cas de contravention.

**Article 30. SANCTIONS ADMINISTRATIVES**

L'inobservation de la réglementation en vigueur entraîne des sanctions.

Toute personne physique ou morale se considérant victime peut avoir recours auprès de la structure assurant l'arbitrage des conflits.

**Article 31.** Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures et contraires à celles de la présente loi et notamment toutes les dispositions de la Loi n° 96-033 du 12 septembre 1997.

**Article 32.** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 14 décembre 1999

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE SECRETAIRE,**

*ANDRIANARISOA Ange Christophe F.*



**"REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA"**  
*"Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana"*

-----

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**

-----

**LALANA LAHARANA FAHA-99-031**

**momba ny Fifamoivoizana an'Habakabaka  
 Sivily eto Madagasikara.**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny fanalalahana ny fitaterana an'habakabaka dia tafiditra indrindra ao anatin'ny fepetra noraisin'ny Fanjakana mba hampandrosoana bebe kokoa ny fifamezivezen'ny fifanakalozana eo amin'ny firenena sy ny any ivelany. Noho izany, dia tokony hataony izay hisokafan'ny kaompaniam-pitaterana an'habakabaka vaovao.

Ny hitsivolana laharana faha-92-024 tamin'ny 8 jolay 1992 dia nametraka ny Fehezandalàna Malagasy momba ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily, mametraka koa noho izany ireo fitsipi-dalàna tokony hifehy avy amin'izany ny sehatra Fifamoivoizana Sivily.

Ary koa, tamin'ny 1997 dia navoaka ny lalàna laharana faha-96-033 momba ny fanalalahana ary fitaterana an'habakabaka. Mbola tsy nisy anefa ny rijan-teny fampiharana izany.

Noho izany dia betsaka ny didim-panjakana natao tamin'ny taona 1999 mba hamenoana ny fepetra nametrahana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily :

- \* ny Didim-panjakana laharana faha-98-822 tamin'ny 16 aprily 1998 mifehy ny sehatr'asa fanampiana amin'ny fidinana an-tanety eto Madagasikara ;
- \* ny Didim-panjakana laharana faha-99-123 tamin'ny 17 febroary 1999, mametra ny fombafomba fitrandrahana ny sehatr'asa fitaterana an'Habakabaka iraisam-pirenena ;
- \* ny Didim-panjakana laharana faha-99-124 tamin'ny 17 febroary 1999, momba ny fandaminana ny Fitantanana ny Fifamoivoizana an'Habakabaka Sivily eto Madagasikara, sy mametra ny andraikitry ny rafitra misy ao aminy ;
- \* ny Didim-panjakana laharana faha-99-125 tamin'ny 17 febroary 1999, mametra ny fombafomba famatsiana ara-bola ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily eto Madagasikara ;
- \* ny Didim-panjakana laharana faha-99-126 tamin'ny 17 febroary 1999, momba ny fitrandrahana ny zotran'ny sehatrasam-panjakana, sy

- \* ny Didim-pitondrana laharana faha-4095/99 tamin'ny 23 aprily 1999, mametra ny fepetra ilaina raha hitrandraka ny sehatr'asa iraisam-pirenena momba ny fitaterana an'habakabaka voafetra.

Ireo rijan-tenin-dalàna ireo dia mikasika indrindra ny lafiny ara-toekarena amin'ny sehatr'asa nohalalahina, ary tsy mahakasika mihitsy ny ara-teknikan'ny fitaterana an'habakabaka, araka ny voalazan'ny hitsivolana laharana faha-92-024 tamin'ny 8 jolay 1992 mametraka ny Fehezan-dalàna momba ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily.

Noho izany, dia noheverina fa ilaina ny mametraka seha-dalàna momba ny rafi-panorenana fototra amin'ny fanalalahana ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily ary mifanaraka amin'ny tontolo ara-toekarena eto amin'ny firenena.

Noho izany, ity lalàna ity dia :

- \* mametra ny foto-kevitra fototra momba ny fandaminana io sehatr'asa io ;
- \* mametra ny andraikitry ny Fanjakana sy ny sehatr'asa tsy miankina ;
- \* manoritra fenitra vaovao momba ny andraikitra ao amin'ny sehatr'asan'ny Fifamoivoizana Sivily ;
- \* mampivoitra ny foto-kevitra ny fisarahan'ny andraikitra eo amin'ny sehatra Fifamoivoizana Sivily, indrindra ny andraikitra «fitsipi-dalàna», ny andraikitra «fanelanelanana» amin'ny tsy fifankahazoana, ary ny andraikitra «fanadihadiana» noho ny tsy fahombiazan'ny lamina ka mitarika fahavoazana na voina eo amin'ny sehatr'asa momba ny tsy fitandremana eo amin'ny sehatr'asa ka mahatonga fahavoazana ny voina.

Noho izany, ny fitomboan'ny andraikitra sahanin'ny sehatr'asa mahaleotena dia mitandro ny tsy hifangaroan'ny mpitsara sy ny tsaraina :

- \* mandray ny fepetran-dalàna ilaina momba ny Fehezan-dalàna Malagasy mikasika ny Fifamoivoizana an'Habakabaka Sivily mametra ny fepetra fototra eo amin'ny fandaminana sy ny fampandehanana ny sehatra.

Noho izany, mba tsy hisian'ny fahabangana eo amin'ny fampiharana ny lalàna, dia mbola mijanona ho manan-kery ny hitsivolana laharana faha-92-024 tamin'ny 8 jolay 1992 mametraka ny Fehezan-dalàna Malagasy mikasika ny Fifamoivoizana an'Habakabaka Sivily izay tsy mifanohitra amin'ity lalàna ity.

Famintinana ny volavolan-dalàna :

- \* eo amin'ny Lohateny Voalohany : Fepetra ankapobeny ;
- \* eo amin'ny Lohateny Faharoa : Fitantanana ny Fifamoivoizana an'Habakabaka Sivily : mamaritra ny seha-pitondrana miandraikitra ny fanatanterahana ny politikan'ny Fanjakana amin'io sehatra io ;
- \* ao amin'ny Lohateny faha-II : Ditsipi-dalàna teknikan'ny fitaterana

- an'Habakabaka, mametraka ny fototra iorenan'ny lalàna sy ny fitsipika teknika fototra momba ny fiaramanidina, ny seranam-piaramanidina ary ny mpandraharaha teknika ;
- \* ao amin'ny Lohateny faha-IV : Fitsipika momba ny fitandroana ny fiarovana an'Habakabaka, manome ny fepetra momba ny fiarovana izay tsy maintsy hajain'ny fiaramanidina vahiny mihantsona eto amin'ny seranam-piaramanidin'i Madagasikara, ny fanampiana ary ny famonjena ny fiaramanidina tra-doza na niharam-boina ;
  - \* ao amin'ny Lohateny faha-V : Fitsipika ara-toekaren'ny fitaterana an'habakabaka : manoritra ny fotokevi-dehiben'io sehatra vaovao ara-toekarena nohalalahina io dia ny fitaterana an'habakabaka ;
  - \* ao amin'ny Lohateny faha-VI : Fitsipika ara-toekarena momba ny fotodrafitr'asam-piaramanidina : milaza ny fitsipika fototra vaovao momba ny fitrandrahana ary koa ny fanaovana ny asa ao amin'ny fifamoivoizana an'habakabaka ;
  - \* ao amin'ny Lohateny faha-VII : Fiantohana sy andraikitra momba ny voina mihatra amin'ny hafa : manoritra ny fepetran-dalàna mikasika ny fepetra arahin'ny mpitrandraka amin'ny andraikitra sivily ary koa amin'ny fanaovana fiantohana ny fiaramanidina, ny fotodrafitr'asa ary mifandray amin'ny fanaovana asa ao amin'ny fifamoivoizana ;
  - \* ao amin'ny Lohateny faha-VIII : Fanaraha-maso ary fampiharana ny lalàna : manome ny andraikitra amin'ny fanaraha-maso ao amin'ny Fifamoivoizana Sivily, manome ny mombamomba ny sazim-panjakana raha misy fandikan-dalàna ary koa ny zon'ny olona hametraka fitarainana.

Izany sy izany ny antonanton'izao lalàna izao.

**"REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA"**  
*"Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana"*

-----

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**  
*Assemblée nationale*

-----

**LALANA LAHARANA FAHA-99-031**

**momba ny fifamoivoizana an'habakabaka  
sivily eto Madagasikara**

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-14 desambra 1999 izao lalàna manaraka izao :

**FIZARANA VOALOHANY  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy voalohany.- VOTOATIN'NY LALANA**

Ity lalàna ity dia manoritra feni-dalàna sy lamina mifehy ny asam-pifamoivoizana an'habakabaka Sivily eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Andininy faha-2.- FAMPIHARANA NY LALANA**

Ny lalàna dia mihatra amin'ny olona na vondron'asa mizaka ny zom-pirenena Malagasy na vahiny izay miasa ho amin'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara na amin'ny fisidinana eny amin'ny faritry ny habakabaka izany na ny fitrandrahana ny fotodrafitr'asa na amin'ny lafin'ny fitantanana na sahan'asa hafa mahakasika io sehatra io.

Mihatra koa izay :

- a) amin'ny fiaramanidina miasa eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ;
- b) amin'ny fiaramanidina any ivelan'i Madagasikara :
  - i) raha toa ka ny fihantsonana na fiaingana farany dia avy eto Madagasikara ;
  - ii) raha toa ka mihantsona eto Madagasikara nefa misy fandikan-dalàna mahameloka natao araka ny voalazan'ny fifanarahana iraisam-pirenena ary ao anatin'io fiaramanidina io ilay nanao ny heloka.
- d) ny fiaramanidina nahofa tsy miaraka amin'ny mpanamory izay mipetraka eto



Madagasikara na miasa eto mandritra izany fanofana izany.

**Andininy faha-3.- FIANDRIANAM-PIRENEN'NY HABAKABAKY NY FIFAMOIVOIZANA**

Ny Repoblikan'i Madagasikara dia mampihatra feno tsy azo anombinana ny fiandrianam-pireneny eo amin'ny habakabany ary ny faritry ny ranomasina feheziny. Ny fampiasana sy ny fahalalahana amin'ny fitrandrahana an'habakabaka sivily ao anatin'ny fanajana ny Lalàmpanorenana sy ankatoavin'ny Fanjakana.

FIZARANA FAHA II  
**NY FITANTANANA NY FIFAMOIVOIZANA  
SIVILY**

**Andininy faha-4.- ANDRAIKITRY NY « ADMINISTRATION »**

Ny « ADMINISTRATION » dia andrim-pitondrana iray manatanteraka ny politikan'ny Fanjakana amin'ny :

- a) fitandroana ny fiantohana ny fandriam-pahalemana sy ny filaminana ;
- b) fampandrosoana ny fifaninanana ara-barotra eo amin'ny mpitrandraka sy mpanao tolotr'asa ;
- d) fitandroana ny tombontsoan'ny mpanjifa sy ny fiarovana ny tontolo iainana ;
- e) fiantohana ny fanajana ny fifampifehezana iraisam-pirenena.

**Andininy faha-5.- FANDAMINANA**

Misy rafitra maromaro mahaleotena sy mizakatena araka ny tandrify azy avy ny momba ny « fitsipika arahiny », ny fanelanelanana amin'ny olana mety mitranga ary ny momba ny « fanaraha-maso ».

**Andininy faha-6.- FAMATSIAM-BOLA NY FITANTANANA NY  
FIFAMOIVOIZANA AN'HABAKABAKA SIVILY**

Rafitra iray manana ny fahaleovantenany ara-bola ny Fifamoivoizana an'Habakabaka Sivily.

FIZARANA FAHA III  
**FITSIPIKA ARA-TEKNIKAN'NY  
FITATERANA AN'HABAKABAKA  
TOKO I  
FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy faha-7.- FIRAKETANA ARA-PIARAMANIDINA NASIONALY**

Ny Firaketana ara-piaramanidina Nasionaly dia misokatra ary eo ambany fitantanan'ny mpitantana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily. Ny fombafomba atao amin'ny fisoratana ao sy ny fanalana ao dia feran'ny lalàna.

**Andininy faha-8.- ANTOTAN-TARATASY MOMBA NY FIFAMOIVOIZANA**

**VAHINY**

Eken'ny Fanjakana ny maha-ara-dalàna ireo antontan-taratasy nomen'ny firenena avy any ivelany araka ny fepetra nofaritana sy navoakan'ny Fitantanana ny Fifamoivoizana an'habakabaka sivily.

### **Andininy faha-9.- FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA**

Ny sehatr'asa ara-pifamoivoizana an'habakabaka rehetra izay atao eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

## **TOKO II FIARAMANIDINA**

### **Andininy faha-10.- ZOM-PIRENENA SY FIRAIKETANA**

Ireo fiaramanidina izay manana toeram-piantsonana eto Madagasikara ary tantanan'olon-tsotra na orinasa mizaka ny zom-pirenena malagasy dia tsy maintsy soratana amin'ny bokim-panjakana malagasy.

Ireo fiaramanidina izay manana toeram-piantsonana eto Madagasikara ary tantanan'olon-tsotra na orinasa mizaka ny zom-pirenena malagasy na vahiny dia azo raiketina amin'ny bokim-panjakana rehefa mahazo ny alalana avy amin'ny Fitantanana ny fifamoivoizana malagasy.

Tsy azo atao ny mirakitra ao amin'ny bokim-panjakana malagasy sy vahiny ny fiaramanidina iray.

Ny fiaramanidina voarakitra amin'ny bokim-panjakana eto Madagasikara dia mizaka ny zom-pirenena malagasy. Tokony ho hita eny aminy izany famantarana manokana izany.

### **Andininy faha-11.- FANAMARINANA HAHAZOANA MANAMORY FIARAMANIDINA**

Ny fiaramanidina mahazo alalana amin'ny fifamoivoizana dia tsy maintsy manana ny taratasy ahazoana manamory, ny taratasy dia omen'ny Fitantanana ny Fifamoivoizana an'habakabaka sivily rehefa fantatra aorian'ny fanadihadiana fa afaka manao izany ilay fiaramanidina.

### **Andininy faha-12.- NY TARATASY MOMBA NY ZOTRA**

Ny fiaramanidina miasa dia tokony hanana mandrakariva eny aminy ny antontan-taratasy rehefa takian'ny fenitra iraisam-pirenena. Tokony ho ara-dalàna sy manankery daholo ireo taratasy ireo.

## **TOKO III SERANAM-PIARAMANIDINA**

**Andininy faha-13.- FITSINJARANA**

Ny seranam-piaramanidina dia tsinjaraina araka ny maha-izy azy ary ny zotra ataony ary ny fepetra takian'ny sehatra iraisam-pirenena amin'izany.

### **Andininy faha-14.- FAMPIASANA NY SERANAM-PIARAMANIDINA**

Ny fampiasana ny seranam-piaramanidina dia ferana na raràna mihitsy raha toa ka ny fifamoivoizana eo amin'ny seranana na ny faritr'habakabaka manodidina na koa misy antony noho ny fitandroana ny filaminana ilàna izany.

Ny mpanamory fiaramanidina rehetra dia ampahafantarina an'izany raha tsy maintsy ilaina.

## **TOKO IV MPANDRAHARAHA TEKNIKA**

### **Andininy faha-15.- BREVETS - CERTIFICATS - LICENCES ET QUALIFICATIONS**

Misy fenitra efa voapetraka ara-dalàna amin'ny fanomezana ireo fahazoan-dàlana ireo ho an'ny mpandraharaha teknika ety an-tanety.

### **Andininy faha-16.- LISITRY NY MPANDRAHARAHA**

Tsy maintsy voarakitra mialoha ao amin'ny Bokim-piraketana Nasionaly ny mpanamory rehetra izay manome ny « brevets, licences ary ny qualifications », manan-kery ihany no mahazo misoratra ao.

## **FIZARANA FAHA IV FITSIPI-PIANTOHANA NY FILAMINANA SY FIAROVANA ARA-PIFAMOIVOIZANA AN'HABAKABAKA**

### **Andininy faha-17.- FIARAMANIDINA VAHINY**

Tsy azon'ny fiaramanidin'ny ferenen-kafa atao ny mipetraka amin'ny faritry ny Repoblikan'i Madagasikara raha toa ka ny mpandeha ao aminy sy ny entana tsy mifanaraka amin'ny lalàna misy eto an-toerana momba ny fitandroana ny fiarovana.

### **Andininy faha-18.- FANDRINDRANA AMIN'NY FIKAROHANA NY FANAMPIANA ARY ASA FAMONJENA**

Ny fiandraiketana ny fepetra momba ny fikarohana, ny fanampiana ary ny famonjena ny fiaramanidina tra-doza, ny mpandeha sy ny mpanamory ao aminy dia sahanin'ny

Fitantanana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily izay mandrindra ny asany miaraka amin'ireo orinasa voakasika amin'izany.

FIZARANA FAHA V  
**FITSIPI-PITONDRANA ARA-TOEKARENA  
 AMIN'NY FITATERANA AN'HABAKABAKA**

**Andininy faha-19.- FAHALALAHANA EO AMIN'NY FIFANINANANA**

Ny olon-tsotra na orinasa malagasy na vahiny dia mahazo misahana ny sehatr'asam-pitaterana an'habakabaka na seranam-piaramanidina na sehatr'asa mifanankina amin'izany raha toa ka mifanaraka amin'ity lalàna ity. Izany tolotr'asa izany dia tsy anavahana olona na iza na iza. Ny fepetra fifanarahana ary ny famaritana ny sara sy ny haba haloa dia araka izay ifanarahan'ny roa tonta ihany ary tsy ilàna ny fankatoavan'ny fitantanana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily afa-tsy hoe misy sampan-draharaha hafa manana andrim-pifehezana.

**Andininy \_\_\_\_\_ faha-20.-                    **SAMPAN-DRAHARAHAM-PITATERANA  
 AN'HABAKABAKA****

Ny olon-tsotra na orinasa dia tsy mahazo manao ny asa fitaterana an'habakabaka raha tsy efa mahazo taratasy fahazoan-dalana avy amin'ireo fikambanana sivily fitaterana an'habakabaka miaraka na tsia amin'ny fahazoan-dalana hanao fitrandrahana avy amin'ny fitantanana fifamoivoizana an'habakabaka sivily.

Tsy azo afindra na amin'iza na amin'iza ny fahazoan-dalana omena ny fikambanam-pitateran'olona an'habakabaka. Ny sehatr'asa koa dia tsy azony ampiantohana olona na faobe na ampahany raha tsy efa nahazo alalana mivantana avy amin'ny fitantanana an'habakabaka sivily.

**Andininy faha-21.- NY SEHATR'ASA TSY MAINTSY HIDIRAN'NY  
 FANJAKANA**

Raha toa ny asam-piraharahana tsy ahafahana manohy ny fifamoivoizana amin'ny toerana sasantsasany dia azon'ny Fanjakana atao ny manao izany ao amin'ny raharaham-panjakana. Ny fombafomba rehetra amin'izany asa iandraiketan'ny fanjakana izany dia feran'ny lalàna.

FIZARANA FAHA VI  
**FITSIPI-DALANA ARA-TOEKARENA  
 MOMBA NY FOTODRAFITR'ASAM-  
 PIFAMOIVOIZANA AN'ABAKABAKA**

TOKO VOALOHANY



**SERANAM-PIARAMANIDINA****Andininy faha-22. - FITRANDRAHANA**

Na olon-tsotra na orinasa na malagasy na vahiny dia afaka manao fitrandrahana seranam-piaramanidina rehefa manaja ny lalàna misy indrindra amin'ny fitandroana ny fiantohana ny filaminana sy ny fiarovana ny tontolo iainana.

**Andininy faha-23.- SEHATR'ASA**

Ny mpanao fitaterana an'habakabaka dia afaka tsara manatanteraka ny asany na miantso sampan-draharaha hafa ary mifidy tsara izay ora iasany rehefa mahazo fankatoavana avy amin'ny mpitantana ny seranam-piaramanidina.

TOKO II  
**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY  
 FIFAMOIVOIZANA AN'HABAKABAKA**

**Andininy faha-24.- FITSIPI-PIFAMOIVOIZANA AN'HABAKABAKA**

Ny fifamoivoizana an'habakabaka dia eo ambany fahefan'ny fitantanana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily izay mametra ny lalàna mifehy ny habakabaka malagasy.

Ny rafitra, ny fitsinjarana ary ny fitsipika momba ny fampiasana ny habakabaka malagasy, ny famaritana ny velarana sy ny faritra arahi-maso, ny faritra izay tena iasana ary ny faritra voarara dia ferana araka ny lalàna.

TOKO III  
**NY TOERAM-PIKOJAKOJANA NY  
 FIARAMANIDINA**

**Andininy faha-25.- FAMPANDEHANANA**

Ny toerana na orinasa misahana na amin'ny alalan'ny fifanakalozana ara-barotra na tsia, ny fikojakojana ny fiaramanidina na ireo mombamomba izany dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny fitantanana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily ary tsy maintsy mandalo hamarinina sy arahin'izy ireo maso.

Ny sehatra iasana sy ilana ka nametrahana ny toeram-pikojakojana dia faritana araka ny fahaizan'ny mpiasa sy ny fitaovam-piasana ao amin'ilay orinasa. Ny toeram-pikojakojana sy fanovana nahazo alalana hiasa dia manao izany asa izany araka ny fetran'ny sehatra azony anaovana izany.

FIZARANA FAHA VII  
**NY FIANTOHANA SY NY ANDRAIKITRA  
 NOHO NY FAHAVOAZANA MIHATRA  
 AMIN'NY Hafa**

**Andininy faha-26.- FIANTOHANA NY FIARAMANIDINA**

Ny fiaramanidina ampiasaina eto Madagasikara dia tsy maintsy manaraka ny fepetran'ny lalàna misy ary koa izy dia tokony hanana ny fiantohana hatramin'ny fetran'ny fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara momba ny fahavoazana mihatra amin'ny mpandeha sy ny entana, na amin'ny olon-kafa na ny fananany. Ny mpitandro ny fiantohana koa dia tokony hiaro ny mpanamorin'ny fiaramanidina na ny orinasa.

### **Andininy faha-27.- FIANTOHANA NY FOTODRAFITR'ASA MOMBA NY FIARAMANIDINA**

Ny olona tompon'andraikitra amin'ny fampanandrosoana, ny fitantanana ary ny fitrandrahana ny fotodrafitr'asam-piaramanidina dia tsy maintsy manao fiantohana mifanaraka amin'ny fanoloana ny fotodrafitr'asa, ary ny fiantohana ny fahavoazana mihatra amin'ny olona.

### **Andininy faha-28.- FIANTOHANA Hafa**

Ny olon-tsotra na orinasa izay manao asa na ao amin'ny seranam-piaramanidina dia tompon'andraikitra amin'ny fahavoazana izay tsy azony ialana ary noho izany dia tokony hanana fiantohana noho ny fahavoazana mihatra.

## FIZARANA FAHA VIII

### **FANARAHANA-MASO NY FAMPIDARANA NY LALANA**

### **Andininy faha-29.- ANDRAIKITRA**

Ny olon-tsotra na orinasa nahazo alalana avy amin'ny fitantanana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily ary na koa manao asa momba izany dia tsy maintsy manaja ny lalàna misy na ny fepetra hahazoana ny fahazoan-dalàna. Tsy maintsy manaiky ny fanadihadiana sy ny fanaraha-mason'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily koa izy ireny ary sazina raha misy fandikan-dalàna ataony.

### **Andininy faha-30.- SAZY ARA-PANJAKANA**

Ny tsy fanajana ny fepetra manan-kery dia mahavoasazy.

Ny olon-tsotra na orinasa voasazy dia afaka manao fitarainana ao amin'ny fitantanana

ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily.

**Andininy faha-31.**- Foana ary foanana ny fepetra rehetra taloha sy mifanohitra amin'ity lalàna ity, ny fepetra rehetra ao amin'ny lalàna laharana faha-96-033 tamin'ny 12 septambra 1997.

**Andininy faha-32.**- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 14 desambra 1999.

***FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-  
PIRENENA,  
NY SEKRETERA,***

***ANDRIANARISOA Ange Christophe Félix***